



AVY AMIN'IZAO FONENANA IZAO HO AMIN'ILAY FONENANA ANY

Soratra : Ghoulam Reza Haidari Abhari
Sary : Samané Yari






AVY AMIN'IZAO FONENANA IZAO HO AMIN'ILAY FONENANA ANY



**Fanazavana ny Dikan'ny Fahafatesana amin'ny Ankizy,
Atao amin'ny Fomba Mahasarika,
Araka ny Finoana sy Araka ny Toetra sy ny Fomba Fisainany.**



**Soratra : Ghoulam Reza Haidari Abhari
Sary: Samané Yari**

*Avy amin'izao fonenana izao
ho amin'ny ilay fonenana any*

Hatramin'izay
dia trano kely iray no
nonenan'ity ankohonana iray
ity. Vao tsy ela izay, dia nivity
trano vaovao izy ireo. Eo am-
pamindrana entana ho amin'ilay
trano vaovao ilay fianakaviana
amin'izao fotoana izao. Hay ilay
fonenana vaovao dia tsara sy
lehibe lavitra mihoatra
ilay teo aloha !










Fahaterahana vaovao

Vao haingana no teraka ity zazakely ity. Sivy volana tao an-kibon-dreniny izy, vao izao teraka izao. Ny tontolo izay hitany amin'izao, dia lehibe lavitra noho ilay tao an-kibon-dreniny. Fony izy mbola tao am-bohoky ny reniny, dia tsy noheveriny mihitsy ny hoe misy tontolo hafa, ivelan'ilay toerana nisy azy. Nalahelo sy nitomany ary izy, rehefa niala ilay toerana nisy azy teo aloha, ka nivoaka avy tao an-kibon-dreniny. Amin'izao kosa anefa, rehefa hitany izao tontolo lehibe izao, dia tsy te-hiverina amin'ilay toerana nisy azy teo aloha intsony izy.

Tonga lolo nanidina

Ny akora dia fonosana malefaka, izay amboarin'ny bibin-tsaonjo, ka afatopatony manodidina ny tenany, raha vao foy izy, andro vitsivitsy lasa izay, dia mbola bibin-tsaonjo, ity lolo hitantsika ity, ary mbola niaina tao anaty akora. Rehefa tanteraka ny fivoarany, dia rovitry ny elany ilay akora, ka indro izy tafavoaka ety ivelany, ary manidina.





Tetezamita

Tsy foana tanteraka
akory isika rehefa maty, fa
manomboka fiainam-baovao indray.

Ny ao ambadiky ny fahafatesana, dia azo
oharina amin'ny fianakaviana iray nifindra trano. Tsy
misy hafa amin'ilay zazakely vao teraka teo. Ary tahaka
ny zana-dandy vao foy. Mbola hanohy ny fiainantsika
ihany isika.

Ny fahafatesana dia toy ny
tetezena hiampitantsika
mankamin'ny tontolo
iray hafa.




Mitohy ny dia

Na dia lasa vovoka aza ny
vatan-tsika aorian'ny fahafatesana,
ny fanahin-tsika kosa, tsy levona mihitsy.
Tsy mifarana eo amin'ny fahafatesana
akory ny fiainana.



Aorian'ny fahafatesana mantsy,
dia mbola manohy ny fiainany ny fanahin-
tsika. Fiantombohan'ny dingana iray hafa amin'ny
fiainana, ny fahafatesana. Amin'izao fiainana ety an-
tany izao, dia toy ny mpivahiny mizotra ho amin'ny
tanana-dehibe iray isika. Ka ny tanjona itodiana amin'izany
dia izany, dia ny Paradisa sy ny fahatongavana amin'ireo
fahasoavana mahafinaritra ao aminy. Tsy
fiafaran'ny dia akory ny fahafatesana. Noho
izany, dia tsy misy antony tokony
hatahorantsika azy.





Tojo olana izy rehetra

Raha tsy nataon'

Andriamanitra misy ny fahafatesana, dia ho sarotra tokoa, ho an'ny rehetra, ny fiainana. Fa tamin'ny fotoana taloha ela be tany, dia nisy andian'olona iray nanatona ny mpaminaniny, ka nilaza taminy hoe : "Angataho amin'Andriamanitra ny hanalany ny fahafatesana eto aminay." Dia noesorin'Andriamanitra tamin-dry zareo tokoa ny fahafatesana. Taorian'izay dia tsy nitsaha-nitombo isan'andro ny isan'ny mponina. Ka taona maro taty aoriana, dia tsy tambo isaina ny isan-tokan-trano. Tsy nisy maty intsony ny olona, ka voatery namelona hatramin'ny raiben'ny raibeny sy ny reniben'ny renibeny, izy ireo. Latsaka an-katerena sy sahirana izy ireo tamin'izany. Nanatona ny mpaminany indray izy ireo, ary nilaza taminy hoe : "Angataho amin'Andriamanitra mba haveriny ho toy ny taloha indray izahay." Dia naverin'Andriamanitra tamin'ny toetrany teo aloha izy ireo. Dia maty indray ny olona nanomboka teo, ary namela hatrany ny toerany ho an'ny izay vao teraka.










Ny ho kivy, sanatria !

Andriamanitra irery no hany mahalala ny fotoana hafatesan'ny olona. Ankoatr'Azy, dia tsy misy mihitsy olona mahafantatra ny fotoana hafatesany, na hafatesan'ny hafa.

Hoy indrindra Andriamanitra ao amin'ny Soratra Masina Kor'any :
“Tsy misy olona mahalala izay tany hafatesany. “Eny fa na dia misy olona efa marary mafy aza, dia tsy afaka milaza isika hoe : “Tsy ela io dia ho faty.” Indray andro nizaha marary ny mpitsabo iray, dia hoy izy : “Raha ela, rahampitso maraina io dia maty.” Ny ampitso maraina nahenoam-baovao fa maty ny alina iny ilay mpitsabo, fa ilay marary kosa mbola velona teo. Noho izany, na inona na inona zava-misy, dia tsy tokony ho kivy isika na very fanantenana eo amin'ny fiainantsika, na ny an'ireo sakaizan-tsika sy ireo olona manodidina antsika. Ny adidin-tsika dia ny manohy hatrany ny asa sy ireo ezaka ataontsika, hatramin'ny fotoana farany iainantsika. Zava-misy tokoa ny fahafatesana. Kanefa tsy tokony hiteraka hakiviana sy fahaverezam-panantenana, na firaviravian-tànana, na koa tahotra sy hakamoana.



Toy ny manimbolo voninkazo

Tsy mba mangidy
na mahatahotra akory ny
fahafatesana ho an'ny
mpanompon'Andriamanitra. Ny
fahafatesan'izy ireny dia an-
kamorana sy am-pilaminana. Tsy
mba hisedra olana na fangirifiriana
akory izy. Ho an'izy ireny, dia ho mora
toy ny manimbolo voninkazo mani-
pofona, na toy ny migoka rano
mangatsiatsiaka ny fahafatesana.
Toy ny olona iray manaisotra ny
akanjo maloto eny an-kodiny
ka mitafy lamba madio
sy lafo vidy.







Tsy ho irery akory isika


Rehefa
miala amin'izao
fiainana ety an-tany izao
isika, dia tsy ho irery akory any
amin'ilay fiainana iray hafa.


Raha nanao ireo asa tsara isika, ka ho
anisan'ireo olon'ny Paradisa, dia afaka
hamangy ireo olon'ny Paradisa ankoatran-
tsika, isika, amin'izay fotoana tiantsika.
Amin'izay fotoana hirin'ny fonsika, dia afaka ho
any amin'ny toerana hisy ny rain-tsika, ny renin-
tsika, ny rahalahin-tsika na ny anadahin-tsika, ny
anabavin-tsika na ny rahavavin-tsika, ary ireo
naman-tsika sy sakaizan-tsika, isika, ka hikota-
ba sy hihomehy eo anilan'izy ireo. Ho azontsika
hatao mihitsy aza, ny hanasa azy ireny ho ao
amin'ny sahan'ny Paradisa hisy antsika,
ka handroso ho azy, ireo sakafo sy
zava-pisotron'ny Paradisa.



Ilay tanimbolin'ny fiainana any an-koatra

Ny olombelona rehetra na tsara izy na ratsy, ary na vavy izy na lahy, dia samy mbola handao izao fiainana izao daholo, indray andro any. Hoy ny Soratra Masina Kor'any hoe : "Ny olombelona rehetra dia samy hanandrana ny tsiron'ny fahafatesana avokoa". Ao amin'ny Soratra Masina Kor'any ihany dia hoy Andriamanitra amin'ny Mpaminany hajaina Mouhammad (saw). "Fa ianao dia ho faty tokoa, ary izy ireo koa dia ho faty tokoa." Ao amin'ny andininy hafa amin'ny Soratra Masina Kor'any, dia mbola milaza izao amin'io lehilahy henikaja io, Andriamanitra : "Ary talohanao, tsy nisy koa olombelona nomenay fahavelomana mandrakizay."





Tsy misy olombelona
afaka mandositra ny fahafatesana.
Izao no vakiantsika ao amin'ny Soratra
Masina Kor'any : "Na aiza na aiza misy anareo,
dia ho tratry ny fahafatesana ianareo. Na dia
any anatin'ireo manda namafisina aza." Na
ahoana na ahoana izany, dia tsy maintsy handao
izao fiainana ety an-tany izao isika, indray andro any. Ny zava-dehibe
dia ny hampiasan-tsika ny andro iainantsika amin'ny marina.
Tsy maintsy manomana vatsy sy tahiry ho an'ny fiainantsika aorian'ny
fahafatesana isika, amin'ny alalan'ny fanaovana ireo asa tsara. Hoy ny
Mpaminany Mouhammad (swa) : "Izao fiainana ety an-tany izao dia
tanimboly ho an'ilay fiainana ho avy." Izany hoe, ety amin'izao fiainana
izao isika, dia tahaka ny mikarakara fambolena. Ary any amin'ilay
fiainana ho avy kosa isika, dia tahaka ny hioty ny vokatra. Noho
izany aoka isika hiasa tsara sy am-pahamarinana ny
tanimbolin-tsika ety amin'izao fiainana an-tany izao, mba
hafahantsika mahazo vokatra tsara ao amin'ny
tanimbolin-tsika, any amin'ilay
fiainana ho avy.

Tsy hatahotra mihitsy isika

Ireo olona, izay dieny ety amin'izao fiainana izao, dia efa manao soa amin'ny Ray aman-dReniny, mitsidika ny marary, manome hanina sy mampitafy ny mahantra sy ny kamboty, ary manalavitra ireo asa ratsy toy ny lainga, ny fanaovana ratsy aman'olona sy ny fanaovana teny, na fihetsika mandratra ny hafa, dia tsy mba matahotra ny fahafatesana. Ireny olona ireny, dia mahafantatra fa aorian'ny fahafatesana, dia handeha hihaona amin'Andriamanitra izy, ka handray avy Aminy, ny tambin'ireo tsara nataony. Nisy lehilahy iray nankao amin'i Abou Dharr nanontany hoe : "Fa nahoana no tsy tiantsika ny fahafatesana ? Hoy Abou Dharr : "Satria ny sasany amintsika, dia nanajary izao fiainana ety an-tany izao, fa ilay fiainana ho avy kosa nosimbainy. Noho izany, dia matahotra isika ny hiala amin'ny toerana izay tsara voatra, ka hifindra amin'ny toerana rava. Ny tian'i Abou Dharr hambara, dia izao, raha manao ny Tsara isika, dia hanajary ny fiainantsika ho avy. Amin'izay, dia tsy hatahotra ny fahafatesana isika, satria mahafantatra fa aorian'ny fahafatesana, dia handeha ho amin'ny toerana iray mahasambatra, sy maitso mavana, ary feno fahasoavana.





Teny Atsipy Ho An'ireo Efa Mba Zokinjokiny

- Amin'izao vaninandro iainantsika izao, dia ny resaka mikasika ny fahafatesana angamba no anisan'ny ireo resaka lasa mahasarika indrindra ny sain'ny ankizy, raha oharina amin'ny fotoana lasa tany aloha. Noho ny fivelaran'ireo haino aman-jery natokana ho an'ny ankizy, dia mihoatra lavitra amin'ny taloha ny vaovao fantatr'izy ireo, mikasika ny fahafatesan'ireo olona lavitra azy. Ka indraindray, dia ny vatana mangatsiakan'ireo mpiray tanindrazana aminy no hitany. Ankehitriny, dia lasa raharaha mahavakiloa ireo ray aman-dreny sy mpanabe ny fanazavana amin'ny ankizy, ny dikan'ny fahafatesana. Miseho indrindra izany, amin'ny fotoana isian'ny fahafatesan'ny iray amin'ireo olona akaiky ny ankizy. Miraikitra kokoa ao an-tsain'ny ankizy amin'izay ny fahafatesana, ka mitombo roa avo heny ny adidin'ireo olona efa mba zokinjokiny, amin'ny fanohanana azy ireny.

- Fantatra tsara ho an'ireo manampahaizana manokana amin'ny sehatry ny fampianarana sy ny fanabeazana, fa ireo fanazavana toy ny hoe: "Misy dia nalehan'i Dadabe" na ny hoe: "Lasa nanidina niakatra any an-danitra i Bebe", dia tsy afaka hampisinda ny ahiahy sy alahelon'ny ankizy, manoloana ny fahafatesana. Ny fihetsika tsara indrindra, amin'io lafin-javatra io, dia ny fanazavana ny marina mikasika ny fahafatesana, amin'ny maha-tetezana azy, mampita mankamin'ny fiainana mandrakizay sy lalana lalovana mba hidirana amin'ilay tontolo iray hafa, ary toeram-piantsonana eo amin'ilay zotra tsy manam-pahataperan'ny fiainana. Tsaratsara kokoa raha omanina ny ankizy hanaiiky ny zava-misy, ary amafisina ao an-tsainy ny fisian'ny fiainana aorian'ny fahafatesana. Izany dia amin'ny alalan'ny filazana aminy, fa ny fahafatesana, dia tahaka ny fisokafan'ny akora nifonosan'ny bibin-tsaonjo sy ny fanidinan'ny lolo avy ao.

Ny fikarohana iray taterina ao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe: "Ny dikan'ny fahafatesana amin'ny ankizy" amin'ny teny Farsi, (Pejy 189) nosoratan'i Dr Abdoul Azim Karimi (- Fanontana voalohany taona 2003), izay ahitana kisarisary mikasika ny fahafatesana, dia ilay fomba fijery ny fahafatesana araka ny finoana, izay nasehon'ireo mpaminany, ka antitranterina koa ao amin'ny finoana silamo. Araka ny fomba fijery silamo tokoa, dia tsy mifarana eo amin'ny fahafatesana akory ny fiainana. Fa ny ahafatesana, dia fanombohan'ny dingana iray vaovao eo amin'ny fiainana. Araka ny vokatry ny fikarohana nataon'ireo manampahaizana manokana amin'ny psikolojia vao tsy ela izay, dia mahomby kokoa ireo ankizy silamo eo amin'ny lafiny fahatakarana haingana ny dikan'ny fahafatesana sy ny fiatrehana azy. (Jereo ny boky: "Ny dikan'ny fahafatesana amin'ny ankizy ; pejy 108). Izany no porofo fa matanjaka ny fomba fijery ara-pinoana silamo eo amin'ny fampisiana fitoniana ara-tsaina ao amin'ny ankizy.

- Ity boky kely "**Avy Amin'izao Fonenana Izao Ho Amin'ilay Fonenana Any**" ity dia ezaka niainga tamin'ireo fahalalana ara-pinoana madio tsisy pentina, hitondrana kisarisary takatry ny saina, sy mifanaraka amin'ny zava-misy, mikasika ny fahafatesana. Ny tanjon'ity boky kely ity, dia ny hampahafantatra ny ankizy ny marina momba ny fahafatesana sy hampisinda araka izay azo atao, ny ahiahin'izy ireo mikasika ny fahafatesana.

- Ampianarin'ity boky kely ity ny ankizy, fa ny fahafatesana akory tsy midika fahafoanana. Ary ireo olona izay efa nanajary ny fianany ho avy, dia tsy tokony hitebiteby manoloana izany.

Izay zavatra rehetra inoana sy toavina ao amin'ny finoana silamo dia haren-dehibe azo ampiasaina amin'ny fanabeazana arapanahy. Miavaka indrindra amin'izany anefa ny fandikana mazava ny fahafatesana izay manana ny fiantraikany manokana. Ny fahatakarana ny marina momba ny fahafatesana dia manazava ny lalana hahafantarana ny marina momba ny fiainana. Ka ho tsapan'ny olombelona bebe kokoa ny lanjan'ny ora sy ny fotoana eo amin'ny fiainany. Noho izany dia tsy natao handikana ny fahafatesana amin'ny ankizy fotsiny ity boky kely ity fa ezaka iray koa, mba hanomezana azy ireny fandikana mazava ny fiainana.

- Ankoatr'ireo andinin-teny avy amin'ny Soratra Masina Kor'any sy ireo fanambarana ara-pinoana raketin'ity boky kely ity, dia ireo loharanon-kevitra ara-pinoana ihany koa no nisintonana ireo fanoharana hita ao.

Ny fanoharana ny fahafatesana amin'ny fifindrana "Avy amin'izao fonenana izao ho amin'ilay fonenana any" ohatra-izay lohateny nampitondraina ity boky kely ity – dia notsoahina tamin'ny fitaterana teny avy tamin'ny mpaminany Mouhammad (swa), hoy indrindra mantsy izy "Tsy nohariana ho foana ianareo fa nohariana kosa hitoetra (Amin'ny alalan'ny fahafatesana), dia avy amin'ny fonenana iray ianareo no ho entina amin'ny fonenana iray hafa. (Jereo ny boky Biharul-Anwar boky faha -6 pejy 299).

Ny fanoharana ny fahafatesana amin'ny fahaterahana koa, dia noraisina tamin'ny fitaterana teny iray hafa nataon'ny Irak'Andriamanitra (saw) (Jereo ny boky MIZANOUL-HIKMAH, Fitaterana teny laharana 19-115). Ny fanoharana ny fahafatesana amin'ny hamoran'ny fisoloana akanjo indray dia noraisina tamin'ny fitaterana teny iray avy tamin'ny Imam Sajjad (as). Jereo ny boky teny laharana 19-107). Fa ny fanoharana ny fahafatesana amin'ny fanamboloana voninkazo kosa; dia nosintonina tamin'ny fitaterana tany avy tamin'ny Imam Sadeg (as) ao amin'ny boky MIZANOUL-HIKMAH, Fitaterana teny laharana 19-1109).

- Marihina fa natao izay nialana tamin'ny sary teny mety mitarika horohoro sy tahotra ho amin'ny ankizy tamin'ny fandravahana ity boky kely ity.

**Fanazavana ny Dikan'ny Fahafatesana amin'ny Ankizy,
Atao amin'ny Fomba Mahasarika,
Araka ny Finoana sy Araka ny Toetra sy ny Fomba Fisainany.**

